FITONDRANA RAJOELINA

Tsy manana politika matotra na eto anatiny na ivelany, hoy Ravalo

Vory maro ny mpikatroka ao amin'ny RMDM: Rodoben' ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagsikara tamin'ny talata 10 aogositra teo, tao amin'ny kianjan'ny Finoana Magro Behoririka, nankalazana ny faha-2 taonan'ity vovonan'ny mpanohitra ity, na dia andro andavanandro aza no nanaovana ny fanamarihana. Ny 10 aogositra 2019 tokoa no nambara tao amin'ny Hotel Carlton Ampefilohaa ny fijoroan'ny RMDM, tarihan'ny filoha Marc Ravalomanana, izay sady filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Rariny sy hitsiny ary lôjika no maha-filohan'ny mpanohitra eto amintsika an'i Dada, satria izy no kandidà faha-2 nahazo vato be indrindra tamin'ny fifidianana feno hosoka sy hala-bato, noho ny "doublons" tamin'ny taona 2018. Nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izao fanamarihana tsingerin-taona

Ny fanamarihana ny faha-2 taonan'ny RMDM tetsy amin'ny kianjan'ny Finoana Magro Behoririka.

tetsy Behoririka izao fa: "vitantsika ny maka fahefana hatrany amin'ny sefo fokontany. Aza avela hahazo laka intsony ny halatra, efa nahazoantsika lesona ny "doublons". Misy ny paikady ary tsy horesahiko eto daholo. Mila firaisankina. Tsy mora ny làlana hizorana fa tsy ho kivy mihitsy isika. Tsy maintsy misy ny laharam-pahamehana hapetraka amin' ny politika iraisam-pirenena sy ny fifandraisana iraisam-pirenena. Tsy maintsy mifanaraka amin'ny laharam-pahamehana amin'ny politika fampandrosoana anatiny izany laharam-pahamehana amin' ny politika iraisam-pirenena izany. Ny fitondrana malagasy anefa dia tsy manana politika iraisam-pirenena mazava, satria na ny politika fitantanana ny raharaham-pirenena anatiny aza dia tsy misy voasoritra mazava, na tsy misy mihintsy, na dia efa misasaka aza ny mandat. Ny laharam-pahamehana moa dia io tsy mazava io, ka mampahantra ny vahoaka Malagasy", hoy ity filohan'ny mpanohitra eto Madagasikara ity. Niatrika izao fanamarihana ny taona 2, nijoroan'ny RMDM izao koa ireo solontena avy amin'ny faritra rehetra eto amin'ny Nosy, na avy any tsimo, na avy any avaratra, na avy atsinanana, na ny avy any andrefana.

Isambilo

Clémence sy ny CUA

Amin'ny 17 aogositra ho a vy izao ny didim-pitsarana

Fitorian'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny mpanolotsainan'ny tanàna, Clémence Raharinirina, vita ny talata teo ny fotoam-pitsarana izany raharaha izany. Tao aorian'izany fotoam-pitsarana izany, nanao fanambarana I Clémence: " MISAOTRA AN'ANDRIAMANITRA LEHIBE, fa vita soamantsara ny fitsarana ahy androany. Amin'ny 17 aogositra ny didim-pitsarana. Isaorako mitafotafo IANAREO rehetra nanohana sy nanotrona, ao anatin'izany ireo taxi marobe sy ny mpanolotsaina TIM. Ny vavaka tokoa manova zavatra ary ny firaisankina no zava-dehibe indrindra. Izaho dia

Ny mpanolotsaina ny tanànan'Antananarivo, Clémence Raharinirina (faha-2 avy any ankavia).

manamafy, fa tsy nanakorontana na namporisika mpivarotra hikorontana izany ny 22 jolay ary nanantitrantitra izany ireo nijoro vavolombelona. Isaorako Be dia Be i Maitre Olala sy Maitre Henintsoa ary mahazo matoky izy ireo, fa fitaratra ho an'ny zanako vavy izay nanotrona ahy androany izy ireo. Manana olo-mendrika ary olomanga tokoa i Madagasikara. Ny fisaorana no mba azoko atao fa tsy ho voavaliko re Tompoko ny fitiavanareo. Misaotra », hoy ny fanambarana fohy nataony. Marihina fa efa vitsivitsy maromaro ihany ny fitoriana nataon'ny CUA, tarihan'ny ben'ny tanàna Vazahabe ity mpanolotsaina ity.

Niaina

Rabenarisoa Robert VMTT

Leon'ny fidangan'ny vidim-piainana sy ny tsy fahaizamitantana ny olona

Nandritry ny hetsika fanamarihana ny faharoa taonan'ny RMDM (Rodoben' ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara), teny amin'ny Magro Behoririka ny talata teo, no nambaran'ny mpitarika ny VMTT, Rabenarisoa Robert, fa tsy nataon'ireo ray amandreny ambanin-javatra ny nanatrika ny fanamarihana na dia ao anatin'ny fanadinana bakalorea aza ny zanak'izy ireo. Efa leon'ny findangan'ny vidim-piainana, sy ny tsy fahaizamitantan'ny fitondrana Rajoelina ny olona hoy izy, ka mila fanovana, ary izay no tsy maintsy nahatongavan'izy ireo teny Behoririka. Nanamafy ihany koa ity mpitarika ny fikambanana ity, fa tsy hihemotra manoloana ny toedraharaham-pirenena ankehitriny ary vonona hatrany hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoana ny firenena sy hitondra soso-kevitra ho an'ny mpitondra fanjakana ankehitriny.

Rajo

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Mioty R.

Ny Valosoa sy fakafaka

Faha-2 taonan'ny RMDM

Hita taratra ny firaisankinan' ny antoko mpikambana rehetra

Tontosa soa amantsara ny fankalazana ny faha2 taonan'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara : RMDM, ny talata 10 aogositra lasa teo, tao amin'ny kianjan'ny Finoana Magro Behoririka . Hita taratra tao anatin'izany ny firaisankina teo amin'ny antoko mpikambana rehetra mandrafitra ny RMDM, satria dia tonga marobe ireo vahoaka na tao anatin'ny andro fiasana sy fanadinana bakalôrea nataon'ireo zandry zanaka aza ny fotoana nanaovana ny fankalazàna . Midika izany fa resy lahatra ny vahoaka Malagasy na dia solontena aza ireny tonga tao amin'ny kianjan'ny FINOANA ireny, fa manakim-po amin'ny lehiben'ny antoko mpanohitra eto Madagasikara izy ireo dia ny filoha Marc Ravalomanana izany . Nisy nandritra ny fankalazana ny famerimberenana ny fehin-kevitra 16 tapaka tamin'ny fikaonandoha nasionaly natao ny 13 sy 14 jolay lasa teo teto Antananarivo, mba ho fanentanana ny olona ho tonga saina sy ho sahy handray andraikitra manoloana ny zavatra tsy mety eto amin'ny firenena, satria izay no antom-pisian'ny antoko mpanohitra . Tsy hanafosafo ny fanjakàna, fa hanambara kosa ny zavatra tsy mety miseho eto amin'ny tany sy ny fanjakàna. Na izany aza anefa dia ilaina ny firaisankina eo amin'ny antoko mpanohitra, mba hahatokisan' ny vahoaka, fa tsy mpitady seza izy ireo, fa mpanohitra tena hijery ny tombontsoan'ireo vahoaka tokoa, izay efa tafiditra ao anaty fahantrana ankehitriny vokatry ny tsy fahaiza-mitantana ataon'ireo mpitondra . Ny filoha Marc Ravalomanana moa dia tsy sasatry ny manambara fa ny antom-pisiany dia marary loatra aho hoy izy mahita ny zavatra manjo ny Malagasy ; ka ny andro sisa iainako dia atokako amonjena ireo mpiray tanindrazana amiko.

Helisoa

Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11,505 44 ; 033 24 783 65

NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO *Dokam-barotra*

Tel. 034 79 076 00

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Fenitra R.